Saika matin'ny vahoaka

## Zanaka ben'ny tanàna nangalatra kisoa 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 13 avrily 2019 Laharana 898 Vidiny : 400 Ar


**Amosa 3: 7** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 127), Madagasikara 11 aprily 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Kandida TIM.K25 Faritanin'i Mahajanga 3

# Nahazo tsodrano tamin-dRavalo



Làlana Ambilobe- Vohemara 7

# Efa napetraky ny filoha Hery R. ny fanamboarana azy



**CUA** 2

### Mpiasan'ny CUA miisa 42 notolorana mari-boninahitra



**Filan-kevitry ny ministra** 2

### Mametraka ny olony hatrany Mamy Ravatomanga

**Mananjary** 6

### Nisy ny fanandratana Ampanjaka

Fetra sy Naina Chief kandidà TIM Boriboritany V 2

### Nanao asa fitsaboana maimaimpoana teny Anjanahary

**Daka kely**

Mitohy ihany ny fijapiana TGV miadampandeha ry Boaikely a !

CUA sy fikambanana any Vardoise Frantsa 5

### Nitsabo maso sy nizara solomaso maimaimpoana tao amin'ny EPP FJKM Rasalama



CUA

## Mpiasan'ny CUA miisa 42 notolorana mari-boninahitra

Nankasitrahana ary notolorana mari-boninahitra Commandeur, Officier, Chevalier de l'Ordre National, ireo mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) miisa 42, nahavita be teo anivon'ny Tanànan'Antananarivo ny marainan'ny Zoma faha 12 Aprily 2019, izay notanterahana tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely. Nitarika ny lanonana ny Chancellier Rabaroelina Lala, notronin'ny mpanolotsaina manokan'ny Ben'ny Tanàna, Marc Ravalomanana, sady nisolotena an-dRamatoa Lalao Ravalomanana, izay tsy eto an-toerana noho ny asa tsy maintsy iantsorohany. Nisolotena ny tanànan'Antananarivo ny lefitra voalohany, Olivier Randrianarisoa. Niasa mafy teto amin'ity renivohitr'i Madagasikara ity izy rehetra ireo ary mendrika ny tolorana voninahitra noho ny asa vitany. 4 no nosalorana Commandeur de l'ordre National, 16 no nahazo ny Officier de l'Ordre National ary 22 no Chevalier de l'Ordre National. Nankasitraka sy nisolo tena ireo mpiara-miasa nahazo mariboninahitra kosa ny kolonely Ramboasalama Emilien, izay nanambara fa vonona hatrany hiasa sy hanao be kokoa ho fampandrosoana ity tanànan' Antananarivo Renivohitra ity ary mirary koa ireo zandry zanaka mpiara-miasa eo anivon'ny CUA, hanara-dia ireto zokiny, mba hananana tanàna vanona. Amin'ny lanonana tahaka itony dia tsara ny mampahafantatra fa tsy mitovy ny isan'ny miaramila manao porizenitra arakaraky ny mariboninahitra. Ho an'ny Commandeur dia 21 ny isan' ny miaramila, ho an'ny Officier indray dia 12 ary ny Chevalier kosa dia O5 no mihàtrana manome voninahitra ny lanonana. Taorian'ny lanonana ara-panjakana tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely dia nifamotoana, niara-paly teny amin'ny Imaitsoririnina Antanimena, nombambady aman-janaka ny rehetra niara-nikorana.



*Ny lanonana fanolorana mari-boninahitra tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.*

**Isambilo**

Fetra sy Naina Chief kandidà TIM Boriboritany V

## Nanao asa fitsaboana maimaimpoana teny Anjanahary

Nitohy teny Anjanahary indray ny fitsaboana sy fanomezana fanafody maimaimpoana ho an' ireo mponina ao amin'ny boriborintany faha 5. Tsy vao sambany no nanaovana izao fitsaboana izao fa efa natao tany amin'ny fokontany hafa tao anatin'ity boriborintany ity ihany, ary hoezahana haha-henika ireo fokontany rehetra izany, indrindra ho an'ireo faritra tena sahirana. Tompo-marika tamin'izao asa fitsaboana izao ny kandidan'ny TIM.K25 ao amin'ny boriboritany faha- 5: Fetra sy Naina chief, izay efa nanambara ombieny ombieny fa ataony zava-dehibe ny lafiny fitsaboana, mba hanampiana ny mpiara-belona aminy. Nanatrika ny fotoana teny Anjanahary ireo kandida 4 mianadahy mpiray lisitra ao amin'ny amin'ny boriboritany faha-5 sy ny sekretera jeneralin'ny antoko Tiako i Madagasikara Olga Ramalason. Zavadehibe hoy ity farany izao fitsaboana atao izao, satria hita ny fahalafosan'ny vidim-panafody sy ny fitsaboana ankehitriny. Tsy manao ambanin-javatra ny lafiny sosialy ny antoko Tiako i Madagasikara tarihin'ny filoha Marc Ravalomanana hoy izy, satria na mbola tsy tonga eo amin'ny toerana aza ireo kandida depiote TIM dia efa mitsinjo sahady ny mpiara-belona aminy. Zava-dehibe tamin'ireo mponina nahazo tombontsoa miisa 150 tao an-toerana ny fitsaboana azony, ka nisaotra ny kandida Fetra sy Naina Chief izy ireo tamin'ny fanampiana nataony. Fa ankoatra izay, nanamafy ny Sekretera Jeneralin'ny TIM Ramalason Olga fa tokana ny kandida nahazo tsodrano tamin'ny filoha Marc Ravalomanana dia tsy misy hafa-tsy ny kandidan'ny TIM.K25 Fetra sy Naina Chief ihany. Ka na misy aza ireo mitonona fa miaraka amin'ny filoha Ravalomanana dia tsy misy hafa-tsy ny kandida TIM.K25 ihany no izy, hoy izy.



**Helisoa**

TIM boriboritany faha-6

## Kandida ho an'ny rehetra i Todisoa sy Fehizoro

Raha olona ho fidiana solombavambahoaka izany dia tokony hahafantatra ny hetahetan'ny vahoaka mifidy azy, ary mila mahafantatra ny maharary azy ireo hoy ny fanambaràna nataon' ny kandidan'ny TIM.K25 ao amin'ny boriboritany faha 6, Todisoa Andriamampandry sy Felizoro Andriamananjezika. Izay mahavangivangy tokoa no tian-kavana, koa tonga nitsidika hijery ny fiaraha-miasa amin'ny Fokonolona tao Ambodihady Ambohimanarina ny kandida Todisoa sy Fehizoro omaly. Mafy ny asa tanterahina fa rehefa mifandray tanana sy miaraka misalahy ny rehetra dia vita sy tanteraka izay atao hoy izy ireo. Mbola marobe rahateo ny fiaraha- miasa marolafy iarahana amin'ny vahoakan' Ambodihady sy ny any amin'ny Carrière any Ambany Avaratra ary ao Mangarivotra satria an' ny rehetra tsy ankanavaka izahay fa tsy an'ny Antoko TIM nanolotra anay ihany hoy Todisoa Andriamampandry. Nitaridalana ho amin'izao fitsidihana izao i Mme Manovo : Filohan'ny Fokotim Ambodihady - Mme Juliette Rakotozafy sy Mme Hanitra, izay samy avy amin'ny fikambanana hafa.

**Helisoa**



*Ny Valosoa sy fakafaka*

### Filan-kevitry ny ministra

## Mametraka ny olony hatrany Mamy Ravatomanga

Mametraka ny olony tsikelikely isan'ambaratongany eny amin'ny sampan-draharaham-panjakana indray ny fitondran-dRajoelina, ka Tale avy ao anatin'ny haino aman-jerin'ny M3TV izay orinasan'ny tanana ankavanan'Andriamatoa Mamy Ravatomanga no napetraka ho tale Jeneraly vaovaon'ny ORTM (Office de la Radio Télévision Publique de Madagascar ), nandritra ny filan-kevitry ny minisitra ny alarobia lasa teo, tsy iza izany fa i Belalahy Jean Yves, nandimby toerana an'i Joahary Ravoajanahary. Marihana fa to teny tsy azo ivalozana ao an-dapa ao io namana akaiky ny filoha io ary tsy maintsy mandalo any aminy avokoa izay tetik'asa rehetra tanterahan'ny filoham-pirenena. Tsy mahagaga raha mahazo toerana avokoa ireo akamakama rehetra. Mampahatsiaro ny tamin'ny fitondran'ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimapianina ity tranga ity izay ramatoa vadiny, Voahangy Rajaonarimampianina no mitondra ny baolina, rangahy kosa mpanatanteraka izay lazaina fotsiny, na mety, na tsy mety no atao. Araka ny fantatra dia olona manana raharaha tsy mazavazava any ivelany any ity tanana ankavanan'ny mpitondra ity tamin'ny fahazoana harena tsy fanta-pototra. Raha mitohy ny fanadihadiana dia tsy maintsy ho voasaringotra ao anatin'izay koa ny filoham-pirenena Malagasy. Rehefa misy ny filan-kevitry ny Governemanta na filan-kevitry ny Minisitra isaky ny herinandro dia miomankomana avokoa ireo mitana andraikitra ambony eto amin'ny firenena fa tsy maintsy ho voadaka ary mitaintaina tahaka ny sahobakaka ambody riana ny ankamaroany rehefa tsy olon'ny fitondrana. Miova sata, miova andriana, araka izay fitenenana iray izay, fa manahirana kosa raha olona teknisianina, manam-pahaizana, efa manana traikefa no esorina rehefa tsy mitovy firehana amin'ny mpitondra na sarotra avilivily. Mazava ho azy fa hisy indray izany ny fanovan-drafitra ao anatin'ny ORTM ao, ka izay mampetipety ny fanjakana no tsy maintsy tanterahana. Isan'izany ohatra ny fampitana mivantana ny hetsika fanombohana ny fanamboarana ny Rovan'i Manjakamiadana. Efa tsy atao mahagaga ihany koa ny fandaharana ao amin'ny TVM amin'izao fotoana izao, izay tsy mitsahatra mamoaka ny vaovaon'ny TGV na MAPAR sy ireo olona mpisolelaka amin'ny fitondrana. Sahala amin'ny hoe an-dry zareo irery ihany io haino aman-jerim- panjakana io. Efa mandeha koa ny feo ao anatin'io Radio sy Televiziona Malagasy io fa tsy mahazo mamoaka feo na sarin-dranona na i ranona. Izany hoe: izay heverina ho adversera politika dia tsy mahazo mandeha.

**Rajaonarimpanontsana**

### KANDIDA TIM.K25 FARITANIN'I MAHAJANGA

## Nahazo tsodrano tamin-dRavalo



Nampahafantatra ireo kandida ho solombavambahoaka atolotry ny Tiako i Madagasikara (TIM.K25) any amin'ny faritanin'i Mahajanga tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara, tao Bel'air Ampandrarana ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara omaly. Tao anatin'izany no nanomezana fiofanana azy ireo mialohan'ny handraisany ny toerana maha-solombavambahoaka azy, mba tsy ho mpananga-tanana fotsiny fa tena hitondra ny hetahetan'ny vahoaka hifidy azy tokoa izy ireo. Vonona ny hiady ho an'ny tombontsoan'ny any amin'ny faritra misy azy eny amin'ny Antenimieram-pirenena izy ireo hoy ny filoha Marc Ravalomanana. Ny fanaovana sy fanolorana lalàna, ny fandaniana na tsia ireo tolo-dalàna araka izay mety sy mifanaraka amin'ny hetaheta sy filan'ny mponina avy amin' ny sehatra rehetra, ary ny fanairana sy ny fanarahamaso ny fahefana mpanatanteraka hoy hatrany izy no ho asanareo. Manana ny traikefany, ny zavaniainany niaraka tamin'ny vahoaka teny anivon'ny fiarahamonina sy teny anivon' ny sehatra misy azy ny kandida TIM.K25 ary mahalala ny hetahetan'ny mponina, ka vonona hiady ho amin'izay mahasoa hatrany. Miray hina amin'izy ireo isika hoy Dada, ary hanao rodobe hamerina ny hasin'ny Antemierampirenena, sy hanangana firenena vanona indray.

***Helisoa***

Pr Harimalala Joseph

## Tsy mandeha ny raharaham-pirenena eto Madagasikara

Tsy mitsahatra ny maneho hevitra hatrany, manoloana ny heveriny ho tsy fandehanan'ny raharaham-pirenena eto Madagasikara ny mpandinika, ka isan'izany i Pr Harimalala Joseph, izay manaraka akaiky no mampitaha izany amin' ny hafatra masina ao amin'ny Baiboly. Tato ato dia nambarany fa mahazo vahana hatrany ny fitsaram-bahoaka sy ny fanoherana ny mpitandro filaminana manerana an'i Madagasikara, ankoatry ny fahafatesan' ireo mpitandro filaminana mifanehatra amin' ny jiolahy sy ny dahalo. Hoy ary ny soratra masina ambaran'i Matio 24 :45-51 manao hoe : « Iza moa ny mpanompo mahatoky sy manan-tsaina, izay notendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy hanina amin'ny fotoana? Sambatra izany mpanompo izany raha avy ny tompony ka mahita azy manao izany, lazaiko marina tokoa aminareo : hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy. Fa raha manao anaka-po izany mpanompo ratsy fanahy izany hoe : maharitra ela ny tompoko, ka dia mikapoka mpanompo namany izy ary mihinana sy misotro amin'ny mpimamo, dia ho avy ny tompon'izany mpanompo amin'ny andro izay tsy ampoiziny sy amin'ny ora izay tsy fantany, dia hotapahiny roa izy ka homeny anjara any amin'ny mpihatsaravelatsihy, any no hisy fitomaniana sy ny fikotroha-nify ». Araka io tenin'Andriamanitra velona io dia tokony hisafidy ny ho mpanompo tsara sy mahatoky ny rehetra, indrindra fa ny mpitondra, satria mantsy ny mampalahelo dia tsy izany no miseho fa dia vonoan' olona isan-karazany no hita eto amintsika, fakana tanin'olona etsy sy eroa, izay marihina fa saika ireo ondrin'Andriamanitra madinika no hiharan'izany, fa ireo napetraka ho mpiandry ny ondrin'Andriamanitra dia ny mpitondra izany dia toa variana mamahatena fotsiny ka ringana ireo ondry madinika, indrindra fa ireo tany lavitra andriana, manerana an'i Madagasikara. Araka izany, dia am-pitiavana no hampitana hafatra hoan'Atoa filohampirenena raha toa ka manaraka tokoa io tenin'Andriamanitra nofidiany tamin'ny fifidianana io izy, dia miangavy azy hamaky manontolo io toko nandraisany io teny io fa tsy ny ampahany ihany ka hampihatra izany araka ny tokony ho izy raha tiany ny hampandroso ny malagasy ! Raha tsy izany mantsy dia ho avy ny fahatezeran'Andriamanitra aminy ka ho esoriny tsy ho mpiandry ny ondriny intsony izy araka ny Ezkiela 34 :8-10 manao hoe : « Raha velona koa aho, hoy Jehovah Tompo, nohon'ny nahabaoan'ny ondriko sy ny nahatogavan'ny ondriko ho rembin'ny bibidia rehetra, satria tsy nisy mpiandry azy, fa tsy nitady ny ondriko ny mpiandry fa namahantena kosa no nataony, ka tsy namahana ny ondriko, dia mihainoa ny tenin'i Jehova hianareo, ry mpiandry ondry, izao no lazain'i Jehovah Tompo : Indro, avy hamely ny mpiandry ondry Aho, dia hampamoahiko ny amin' ny ondriko izy ka hesoriko tsy hiandry ny ondry intsony ; dia tsy hamahan-tena intsony ny mpiandry ondry fa hovonjeko eo amin'ny vavany ny ondriko mba tsy ho azony hohanina intsony ». Eo anatrehan' izany dia minatso anareo mpikarakara ny fifidianana aho dia ny CENI sy ny HCC izany, hoy hatrany ity mpandinika ity, mba tsy ho variana sy mandrimandry hianareo fa mba hanara-maso io olona nampetrakareo io ary hanara-maso azy amin'izay fampanantenany ny vahoaka malagasy, satria hoy ny ambaran'i bokin'i Hosea 4 :1-2 manao hoe : « Mihainoa ny tenin'i Jehovah hianareo zanak'Israely fa Jehovah manana ady amin'ny mponina amin' ny tany, satria tsy misy fahamarinana na fitiavana na fahalalana an' Andriamanitra eo amin' ny tany, fa fianianana sy lainga sy vonoana sy halatra sy fijanganjangana kosa, Eny manao an-keriny izy ka mifanotona ny fandatsahan-drà ». Ankoatra izay ry CENI isany dia aza odiana tsy hita ireo tsy fanarahandalàna isan-karazany ataon'ireo olon'ny filoham-pirenena ireo, amin' izao mialohan'ny fampielezan-kevitra izao, satria efa mihoatra ny tokony ho izy izany ka ahiana hiafara any amin'ny ady saritaka eto madagasikara indray, satria mantsy hoy ny ambaran'i Matio 7 ;15-20 manao hoe : « Mitandrema hianareo fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay makao aminareo amin'ny fitafin'ny ondry, fa ao anatiny dia ambodia mitoha izy ? ny voany no ahafantaranareo azy. Manoty voaloboka amin'ny tsilo va ny olona, na aviavy amin'ny songosongo ? dia toy izany, ny hazo tsara rehetra dia mamoa voa tsara fa ny hazo ratsy dia mamoa voa ratsy. Ny hazo tsara tsy mety mamoa voa ratsy ary ny hazo ratsy tsy mety mamoa voa tsara. Ny hazo rehetra izay mamoa voa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo. Ka dia ny voany no ahafantaranareo azy ». manentana ny vahoaka araka izany I Pr Harimalala Joseph mba handinika tsara sy hahay hifidy ireo solombavambahoaka mba tsy ho taranaky ny hazo ratsy no ho fidiana satria di any hambotry ny vahoaka madinika toy ny efa nataon'ny fototra niaingany ihany no tanjon'ireo amin'izao fifidianana izao.

***Lezama***

### NY TENY FIAINANA




***Matio 23:37***

*Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato izay irahina ho aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanômban'ny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany, fa tsy nety hianareo!*

Saika matin'ny vahoaka

## Zanaka ben'ny tanàna nangalatra kisoa

Saika matin'ny fitsaram-bahoaka indray ny zanaky ny Ben'ny Tanàna iray tao amin'ny Distrikan'i Faratsiho nohon'ny resaka kisoa. Efa vahoaka anjatony no nitady sy nikasa haka azy tao Miandrarivo hatao fitsaram-bahoaka. Voalaza fa halatra kisoa no nanenjehan'ny fokonolona azy, soa fa teo ny zandary nandamina sy nanakana ny fikasan'ny fokonolona, fa raha tsy izany dia zavadoza no nitranga. Ny faramparan'ny herinandro lasa teo no nitrangan'ity seho ity. Araky ny fantatra dia nifanaraka tamina olona iray ity tovolahy zanaky ny ben'ny tanàna ity fa hametraka kisoa iray ka rehefa matavy dia hamidy. Fomban'ity farany ny mijery matetika ny kisoa ao amin'ilay tokantrano. Tamin'ny zoma lasa teo anefa, andron'ny tsena ao Miandrarivo, tsy tao an-tanàna ny tompon-trano fa tany an-tsena. Niditra tao an-trano ilay zanaky ny ben'ny tanàna ary nibata kisoa iray. Marihina fa tsy io kisoany io ihany no ompian'ilay tompon-trano fa misy kisoa hafa. Ilay kisoan'ny tompon-trano matavy be anefa no nobatain'ilay zanak'ingahy maire ka namidiny. Hatairana ny an'ny tompon-trano tsy nahita ny kisoany rehefa nody. Nambaran'ny olona fa ny zanaky ny ben'ny tanàna antsoina hoe Tafita no nibata azy tao. Tezitra ny tompon-trano ka nanao antso lava. Vetivety dia vory maro be ny fokonolona ary nizotra nankeny amin'ny biraon'ny kaominina nitady an'i Tafita. Malaza ao Miandarivo mantsy fa rehefa ny hafa no tratra mangalatra dia malaky ny kaominina manao ny fanadihadiana ary hidiany ao amin'ny biraony izay tratra. Tamin'ity kosa ny zanaky ny ben'ny tanàna no tratra nangalalatra ka manahy ireo fokonolona sao ho vitavita foana eny ny raharahara. Ny ben'ny tanàna rahateo efa tsy mamy hoditra loatra ao an-tanàna . Soa fa teny ifotony ny zandary tamin'io fotoana io nanakana ireo fokonolona sy nanazava fa voararan'ny lalàna ny fitsaram-bahoaka. Tsy nilamina ny raharaharaha tsy ireo ray aman-dreny be to-teny eo an-tanàna no niditra an-tsehatra nandamina ny fokonolona, ny zandary kosa etsy ankilany niaro ny ain'ilay mpangalatra. Tokony tamin'ny 9 ora alina tany vao nilamina ny fokonolona raha ny filazan'ny loharanom-baovao. Efa ao ampelatanan'ny zandary ao Faratsiho ny raharaha ary raha ny fantatra dia hiakatra fampanoavana amin'ity herinandro ity ilay tovolahy.

***Solohery***

### TONONKALO

## Ny fakana an-keriny

Ny fakana an-keriny indray no malaza
Ka toa tsy milamina intsony ny tany.
Na olo-dehibe na tanora na zaza
Dia tena atahorana hiharan`izany.

Moa niova taranja ireo zandary sasany
Fa toa tsy fantatra izay misiteriny ?
Nampivadiany amin`izay tena asany
Ve itony resaka fakana an-keriny ?

Raha ny atidoha koa no hoe hotenenina
Dia tena ketraka iretsy vahoaka,
Ary mila hihisatra hatramin`ny penina,
Fa ny voatana dia re fa navoaka.

Hampiteny ny moana ny zava-mitranga
Fa voatondro molotra ny fitsarana.
Toa afaka mora ry zalahy voampanga,
Ka dia miakatrakatra ny maripana.

Matahotra mafy ireo mpanankarena.
(Izay ho valifaty tsy fantatra intsony!)
Mizotra mankaiza ary ity firenena ?
Mahita an`izao ve `nareo eny ambony ?

***DADAN`i ZINA (07-04-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Nanao fitsaboana maimaipoana teny Anjanahary ny kandidàn'ny TIM K25 Fetra sy Naina Chief.**










# Sakafo Ny Valosoa



Henakisoa sy anamadinika indray no laoka amin'ny pejin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fomba fitsaboana ny tandimerina

Ny fomba fitsaboana ny tandimerina na allérgie indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Misy tandimerina avokoa na lehibe na kely. Mety hoe tsy mahazaka hazandrano, na hatsiaka, sns… ka ny azo atao dia vinaigre no ampiasaina. Mety daholo na vinaigre tsotra na vinaigre de cidre. Hosory vinaigre daholo ny faritra misy tandimerina, dia avy eo manaova mafana tsara mibonoka lamba mafana tsara. Toyy izany koa ny voasarimakirana. Hosorana daholo dia avy manao mafana tsara.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Itaosy Antananarivo Atsimondrano

Ny tanànan'Itaosy ao Antananarivo Atsimondrano, faritra Analamanga, indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina Itaosy. Ny vokatra betsaka any Itaosy dia vary. Sady ambanivohitra no ambonivohitra ihany Itaosy satria be ny mponina tantsaha ao, fa maro koa ireo miasa aty Antananarivo Renivohitra.

Ahitana hopitaly na toeram-pitsaboana ao. Ahitana tobim-pahasalamana ao. Misy tsena isan'andro.. Ahitana orinasa mampiasa olona mihoatra ny 50. Ahitana sekoly ambaratonga fototra. Ahitana orinasa mampiasa olona 10 hatramin'ny 50. Misy fitrandrahana harena an-kibon'ny tany amin'ny fomba indostrialy. Ny JIRAMA no manome ny rano. Misy biraon'ny paositrao.




## Amosa 3: 7

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 127), Madagasikara 11 aprily 2019

***Amosa 3: 7 "Tsy manao na inona na inona tokoa AHO Jehovah, raha tsy milaza ny hevitro amin'ny mpaminany mpanompoko."***

Ho faramparanako JEHOVAH ary ny amin' ity atao hoe mpaminany ity. Omeko sary hianareo andinihanareo izay tiako atao sy ny tanjoko: mbola averiko ihany mianga avy ao amin' ny mpaminany hatrany izay tiako atao. Raha voarainareo izany dia hianareo ihany no manao ny rafitra dia vita ny "ASAKO". Fa rehefa tsy voarainareo izay tiako atao sy lavinareo IZAHO ao amin' ny mpaminany dia mamorona rafitra izay heverinareo fa mety aminareo hianareo hany ka diso ny "ASAKO". Amin' izay fotoana izay takona JESOSY izay tokony ho fantatra fa hianareo indray no hita, hianareo indray no miseho sy misongadina.




Io ny sary maneho ny rafitra, ireo ny dingana tsy maintsy arahina ary mipetraka ho lalàna velona ireo hahatongavana ao amin' ny FANJAKAKO. Toa io sary io no fisehoan' ny rafitra ka tokony samy mamantatra ny tsirairay. ***Amosa 3: 7*** *"Tsy manao na inona na inona tokoa AHO Jehovah, raha tsy milaza ny hevitro amin'ny mpaminany mpanompoko."* Azonareo amin' izay ny tanjoko? Raha tsy ao amin' ny mpaminany AHO JEHOVAH no miteny, tsy misy na inona na inona azo atao raha tsy misy mpaminany avy AMIKO ny ASA fitoriana indrindra amin' izao andro farany izao. Ny mpaminany dia raiketiny an-tsoratra izay ambara aminy mba tsy ho latsaka. Tsy misy tsindrimandry nomen' ny Fanahy Masina ka mampikorontana, mampifankahala na mifanohitra. Ohatra raha misy mpaminany any Sainte Marie (Madagasikara) ary misy koa any Lyon (France) dia tsy mifanohitra izy roroa, misy hafatra sy iraka itovizana ary ny tena mpaminany avy AMIKO dia mifankatia. Hoy AHO tetsy ambony ***I Jaona 4: 1*** *"Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin' i Jehovah Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao."* Marina tokoa izany, i losifera dia mpaka tahaka mandrakariva ary io asan' ny Fanahy Masina io no anisan' ny amitahany vahoaka. Eny na dia ao anaty Fiangonana aza izy dia miseho amin' ny endrika fitaka sy halatahaka. Tsotra fotsiny no ahafahana mahalala azy hoe tsy izy na sandoka:

1. Izy tsy mba ao anaty Fiangonana fa any ivelan' ny Fiangonana
2. Ataony fitadiavam-bola ny toerana nomena azy
3. Tsy sandohana ny asan' ny mpaminany
4. Fanahiko JEHOVAH no ao anatin' ny mpaminany ka teny avy AMIKO, ASA avy AMIKO, iraka avy AMIKO no any aminy
5. Ny mpaminany tsy misy toetra mangeja intsony
6. Ny mpaminany sandoka dia mandoka tena mandrakariva sady tsy mba miandry ny fotoanako JEHOVAH fa mialoha AHY mandrakariva hany ka diso foana ny lalany.

Tahak' izay ny an' ny mpaminany ka avelao izy ireny hanao ny asany tahaka ny rehetra, averiko JEHOVAH foana. **Ny Teny ampitondraiko azy no mitsara anareo fa tsy tsarainareo fa manjary diso. Ny mpaminany koa tsy tambazan-javatra fa didy hoe : tsy maintsy no miaraka aminy** ka izany no tsy mahafaly izay mandre. Raha ny ASAKO JEHOVAH sy ireo tokony hamita izany moa dia betsaka tokoa fa tsy azon' ny olona sady tsy zakany koa. Ity ny asa anankiray izay disoan' ny olona koa, ny sasany manafoana, ny sasany tsy tia mpisorona ary ny ankamaroany dia tsy mahalala mihitsy. Inona ary izany??? Dia ilay atao hoe "MPISORONA" na mpanao "ASA FISORONANA". Raha ny Testamenta Taloha no jerena dia heno foana izany mpisorona izany fa ankehitriny toa tsy misy intsony angaha? Indro IZAHO no hamaly izany. Averiko foana izao Teniko JEHOVAH izao : rehefa miova ny rafitra dia diso, rava, miova ny zavatra rehetra, tsy ampiasainareo satria tsy fantatrareo, lavinareo. Teo aloha AHO dia nanoratra toy izao: asan' ny mpaminany koa ny manosotra sy manamasina. Mosesy dia nirahiko nanamasina sy nanosotra ny Tabernakely, ny Alitara sns... Toy izao no Fahamarinana : ireo asa rehetra voalaza sy voasoratra ireo dia tsy maintsy mila mpisorona avokoa. Rehefa nanao ny ASA nanirahana azy i Mosesy dia hoy AHO JEHOVAH taminy, ***Eksodosy 40: 13*** *"Ary ampiakanjoy an'i Arona ny fitafiana masina, dia hosory sy hamasino izy, mba ho mpisorona ho Ahy."* Satria nahoana? Vakio tsara ny Baibolinareo fa miaraka foana izy mirahalahy, ny iray mpaminany, ny iray kosa mpisorona. Ny antony dia mba ho vita soa aman-tsara ny asa izay atao. Ny tsy fisian' ny mpisorona dia matetika mampitarazoka ny asa. Raha ny Testamenta Taloha no jerena sy arahina dia LALÀNA no tao ary tena mavesatra tokoa. Tamin' izany ny asan' ny mpisorona dia mpanao fanavotana ny fiainan' ny olona nohon' ny fahadisoana, ***Levitikosy 4:20*** *"Ary ny vantotr'ombilahy dia hataony tahaka ny efa nataony tamin'ny vantotr'ombilahy izay natao fanatitra noho ny ota, toy izany no hanaovany azy; ary ny mpisorona hanao fanavotana ho an'ny olona, dia havela ny helony."* Azonareo vakiana tsara ireo asan' ny mpisorona, Eksodosy, Levitikosy, Nomery, Deoteronomia. Indro holazaiko ny antom-pisian' ny mpisorona.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA SY FIKAMBANANA ANY VARDOISE FRANTSA

# Nitsabo maso sy nizara solomaso maimaimpoana tao amin'ny EPP FJKM Rasalama

Nahazo tombony amin'ny fizahana maso sy fizarana solomaso maimaimpoana avy amin'ny fikambanana tsy miankina any Vardoise Paris Frantsa, ny ankizy mpianatra ao amin'ny sekoly EPP FJKM Rasalama, Boriboritany faha-3, ny alakamisy teo. Ankizy mpianatra miisa 100 mahery ao amin'ity sekoly ity no nisitraka izany. Izao hetsika ara-pahasalamana izao dia tohin'ny fiaraha-miasa efa natao an-taonany maro miaraka amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ary tafiditra amin'ny vinan' ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana ny amin'ny fiahiana ara-tsosialy ny mponina, ao anatin'izany ny vehivavy sy ny ankizy. Tsy hijanona ho an'ny ankizy mpianatra ao amin'ny sekoly EPP FJKM Rasalama ihany ny hetsika fa hitohy ary hahazo izany fiahiana sosialy mahakasika ny


Ny fitsaboana maso nataon'ny avy any Vardoise Frantsa.

maso izany koa ny mponina ao amin'ny boriboritany faha-3, ka ny herinandro ho avy io no ho tontosaina izany fizahana maso sy fizarana solomaso maimaimpoana izany. Ny taona 2006 no efa nisy fiaraha-miasa teo amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny fikambanana, efa maro ny hetsika ara-tsosialy nanampiany ny Tanànan' Antananarivo toy ny fanolorana fitaovana ho an'ny mpamonjy voina, fanomezana "ambulance" ary mbola hitohy sy hiha-matotra izany araka ny fanazavana nomen'ny solontenan'ny kaominina nandritra izao hetsika izao dia Dokotera Herivonona Durand Dérys, talen'ny fahasalamana sy ny fahadiovana ao amin'ny CUA, sy kolonely Jaona Andrianaivo, izay tompon'andraikitry ny GRC, na ny fitantanana ny loza voajanahary ao anivon'ny fiadidiana ny tanàna.

***Aly***

## Vatona "trottoir" nesorina

# Anamboarana lalankely mirefy 100 m eo eny Amboditsiry

Ho fitsinjovana ireo mponina dia nanamboatra lalankely mirefy 100m eo ho eo ny avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny 11 Aprily teo.
Vatona "trottoir" nesorina avy amin'ny projet ARM (Autorité Routière de Madagascar) sy ny orinasa Colas, no narafitra anamboarana ity lalankely ity, noho ny fiaraha-miasa eo amin'ity orinasa ity sy ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, eny Amboditsiry. Teo aloha dia nijaly tokoa ny mponina maro mpampiasa ity lalana ity rehefa fotoam-pahavaratra, ka izay indrindra no nahatonga ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo nandray andraikitra nikarakara azy ireo. Niaranatanteraka ity asa ity ny ekipa teknika avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy sy ny avy eo anivon'ny Direction des travaux Publics (DTP) eo anivon'ny fitantanana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Andrana voalohany ihany ity fanamboarana lalankely eo Amboditsiry ity fa mbola ho tohizana any amin'ireo fokontany 27 ao anatin'ny boriboritany fahadimy, araka ny nam-


Ny lalankely amboarina eny Amboditsiry.

baran'ny delegeny Andriamatoa Rakoto Emmanuel Richard.

***Aly***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de rèmercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Rèmercièments au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Andotiana B**

TAFIKA SY ZANDARY ANTSIRABE

## Nisy ny fifaninanana ara-panatanjahantena eo amin'ny samy sekoly miaramila

Isan-taona dia misy hetsika ara-panatanjahantena toy izao karakarain'ny Akademia Miaramila. Ny tanjon'izao fihaonana izao dia hanamafisana ny firaisankina ny foloalindahy. Tontosa ny herinandro teo ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny hetsika ara-panatanjahantena goavana antsoina hoe « Critérium », izay nandraisan'ireo sekoly miaramila eo anivon'ny Tafika sy ny Zandarimaria anjara. Haharitra 10 andro ity hetsika ara-panatanjahantena ity, ary tsy hifarana raha tsy ny 18 aprily 2019 ho avy izao. Natomboka tamin'ny fanganana ny sainampirenena ny fotoana ary narahana fifandimbiasam-pitenenan'ireo olomanankaja ary niafara tamin'ny matso. Nitarika ny fanokafana izao hetsika izao ny Jeneraly Rakotonirina Théophile, lefitra faharoa ny Lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika Malagasy. Tonga nanome voninahitra ny hetsika ny Préfet an'Antsirabe, sy ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana, nanohina sy nanamafy ny hetsika koa ireo lehiben'ireo Sekoly sy ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny sekoly. Taranja maro no hifaninanana mandritra ity hetsika ara-panatanjahantena ity toy ny Foot-ball, ny Basket-ball, ny volley-ball, ny Tennis ary ny Athlétisme ary ny mampiavaka azy tamin'ity taona ity dia ny fisian' ireo taranja ara-miaramila hifaninanana toy ny "traction, flexion des membres supérieures, flexion des membres inférieurs, abdominaux ary grimper de corde ». Mpikarakara no sady mpampian-trano izao hetsika izao ny Akademia Miaramila ary isany mandray anjara ihany koa. Nasaina manokana amin'ity hetsika ity arak' izany ireo sekoly miaramila eo anivon'ny Tafika sy ny Zandarimaria toy ny « Ecole d'Etat-Major ao Fiadanana, ny « Centre de Perfectionnement des officiers » Fiadanana, ny « Ecole Supérieure de la Gendarmerie Nationale » ao Moramanga, ny « Ecole de la Gendarmerie Nationale » ao Ambositra, ny « Ecole Nationale des Sous-officiers de l'Armée eto Antsirabe, ny Sekoly Miaramilam-pirenena ao Fianarantsoa. Faranana amin'ny fomba ofisialy ity lalao ara-panatanjahantena ity ny 18 aprily ka ho marihina amin'ny fizarana loka sy amboara.

***Lezama***

Mpilatsaka an-tsitrapo frantsay

## Hampitombo ny traikefany eto Madagasikara

Mitombo hatrany ny fampiroboroboana ny fikambanana misy eto Madagasikara miara-miasa amin'ireo mpilatsaka an-tsitrapo avy any ivelany. Ho an'ny mpilatsaka an-tsitrapo Frantsay dia efa manodidina ny 25 taona no niasany taty Madagasikara, izay misandrahaka amin'ny sehatra maro. Toy ny fanaon'ireo mpilatsaka an-tsitrapo rehetra isan-taona, ny manatanteraka fivoriambe fihaonana, aty Antsirabe renivohitr'i Vakinankaratra no nandray izany tamin'ity taona 2019 ity, manodidina ny 60 ireo mpandray anjara. Mandritra ny telo andro ny faharetan'izany fihaonana izany , arahina ady hevitra sy fanomezana torolalana hatrany toy ny fanatsarana ny fiarovana azy ireny eo amin'ny fanatanterahana ny asany ary fandrefesana ny asa handraisan'izy ireo anjara eo amin'ny fampandrosoana. Tao anatin' izany fifanakalozan-kevitra izany dia nisy ihany koa fizarana traikefa ny samy mpilatsaka an-tsitrapo hanatsarana ny asa. Tsy latsa-danja tamin'izany ny fijoroana vavolombelona teo amin'ny asa notanterahany. Araka nambaran' ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana, dia isan'ny manampy betsaka amin'ny drafitr'asa ho fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy sahanin'ny Faritra Vakinankaratra ny asa ataon'ireo mpilatsaka an-tsitrapo maro, mizara ny fahaiza-manaony amin'ny fikambanana maro misy eto Vakinankaratra izay miroborobo hatrany, hiarahany miasa hatrany amin'ny tontolo Ambanivohitra eny anivon'ny Kaominina. Raha tsiahivina dia Faritra Vakinankaratra no ahitana mpilatsaka an-tsitrapo Frantsay be indrindra miampy ireo avy any amin'ny firenenkafa. Misandrahaka amin' ny Faritra maro ireto mpilatsaka an-tsitrapo ireto, ny tanjon'izy ireo hatrany hanatrarana ny fampandrosoana vahoakan'ny Madagasikara tahaka ireo firenena any ivelany efa mandroso. Tonga nanokatra izao fihaonambe notontosain' ny mpilatsaka an-tsitrapo Frantsay ireo ny Lehiben'ny Faritra mpisolo toerana, notronin' ireo mpilatsaka an-tsitrapo, notarihin'ny mpiandraikitra ny mpilatsaka an-tsitrapo Frantsay eto Madagasikara, Lovasoa Ratsimba, tao amin'ny Centre Lovasoa Antsirabe izay mpampiantrano no nanatanterahana izany. Tsara ny manamarika fa nisy ny asa firaisankina niarahan'ny rehetra nanatanteraka nandritra ny famaranana ny alahady lasa teo, izay niarahana tamin'ny fikambanana « Cœur de forêt » Antsirabe ary nitohy tamin'ny fitsidiana ireo toerana malaza teto Antsirabe.

***Solohery***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

SARIITATRA : Tsíka tsy manam-bola amin'ny IEM fa mijapy train




Boriboritany faha-5

## Mpivady miisa 41 natao fisoratam-panambadiana maimaimpoana faobe

Ho fanohizana hatrany ny asa sosialy tanterahin'ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana. Dia nanatanteraka Fisoratam-panambadiana Faobe ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly zoma teny Ambatomainty. Mpivady 41 isa no nahafeno ny antontan- taratasy ilaina na dia maro aza ny namaly ny antso, avy amin'ireo fokontany 27 ao anatin'ny Boriboritany fahadimy izy ireo. Marihina fa vokatry ny ezaky ny Boriboritany avokoa no nahafahana nantanteraka ity hetsika ity ary natao maimaimpoana. Efa maro ny hetsika toy izao fa mbola hitohy satria mbola tsapa fa maro ireo mangetaheta izany hoy ny delegen'ny Boriboritany fahadimy, Andriamatoa Rakoto Emmanuel Richard.

***Serge***

Boriboritany faha-6

## Nanao lalankely teny amin'ny fokontany Ambodihady

Mitohy hatrany ny asa fanatsarana ataon'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra (CUA). Notontosaina nanomboka tamin'ny alatsinainy teo ka nitohy omaly ny fanamboarana ny lalankely izay mampitohy ny fokontany Ambodihady sy fokontany maromaro eo anivon'ny boriboritany fahaenina. Ny asa dia nifarimbonan'ny ekipa teknikan'ny boriboritany fahaenina sy ny ekipa avy tao amin'ny DTP. Ny ekipan'ny boriboritany no naka sy nanangona ary nitaona ireo vato, ary ny ekipa avy tao amin'ny DTP kosa no nandrafitra ny vato mba hirindra tsara. Marihina fa ny vato avy nalain'ny Colas tamin'ny sisin-dàlana ireny no noezahin'ny Kaominin'Antananarivo nangonina nanaovana izao lalan-kely izao, ka nahavitàna lalana soa sy mahafinaritra toy izao. Azo lazaina fa haharitra amantaonany maromaro raha ny faharetan'io fotodrafitr'asa io, ka anjarantsika mponina izay mampiasa azy no tokony hikajy sy hikolokolo mba tsy halaky ho simba. Manoloana izany, dia faly ny mponina manodidina satria vita tsara ny lalan-kely sy ny tohatra any anatin'ny tanàna, ka afa-pahasahiranana izy ireo.

***Aly***

Mananjary

## Nisy ny fanandratana Ampanjaka

Notontosaina ny zoma teo ny fanandratana Mpanjaka tao amin'ny tranobe Andriamarosola ao Masindrano Mananjary, isan'ny tranobe folo ao amin'ny foko Antambahoaka Mananjary. Taorian'ny nihambohon' ny Ampanjaka teo aloha , omaly andro tsara taombaovao ho an'ny foko Antambahoaka dia izao no fotoana nahafahana nanasandratana ny hisolo toerana ny teo aloha. Ny mpanjaka Ramaholy Edmond no nasandratra, amin'ny maha fanandratana azy dia natao ny fombafomba, ny alakamisy misasakalina no nisasa teny amin'ny vinany ny mpanjaka mialohan'ny fanandratana ny maraina ny zoma, midika fanalana ny fady. Aorian'izay ny famonoana omby ka ny ilany ankavanana amin'ilay omby novonoina no ampiasaina atao sakafo, ny mitatao vovonana kosa ny andron'io ihany no atao ny mitavana na ny fampiakanjoana ny Ampanjaka. Arahin'ny dihindrazana, ny tolakandro kosa no atao ny fanosena, na asa tanimbary ho an'ny Ampanjaka vaovao. Nofaranana tamin'ny fety aman-danonana ny fotoan-dehibe. Manan-danja amin'ny foko Antambahoaka ny fanandratana Ampanjaka toy izao. Raha ny Sambatra kosa no resahina dia ny taona 2021 no hotanterahina.

***Serge***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**06/04/19 hatramin'ny 13/04/19**

- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 898-04-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BIANCO – SAMPATI FJKM

# Miara-miasa amin'ny ady amin'ny kolikoly

Mitombo isa ireo olom-pirenena mirotsaka amin'ny ady amin'ny fahalovana eto amin'ny firenena. Ankehitriny dia miara-miasa ny Bianco sy ny Sampati Fjkm, ka taorian'ny fanaovan-tsonia fifanaraham-piarahamiasa natao tamin'ny volana febroary dia miroso amin'ny fanofanana ny roa tonta. Tao anatin'ny roa, alakamisy sy zoma no notanterahana ny fampiofanana mpampiofana eo amin'ny Sampati Foibe Fjkm, ny Komitin'ny faha-25 taonan'ny Sampati ary ireo Biraon'ny Sampati ao anatin'ny Synodamparitany 4 eto Antananarivo. Eny amin'ny foibe Fjkm Trano Ifanomezantsoa Analakely, varavarana 201 no anatanterahana izany. Lohahevitra dinihina nandritry ny fampiofanana ny hoe : "Ady amin'ny kolikoly", ka ireo mpanabe Sampati manerana ny Nosy avy eo no hanatanteraka ny fampiofana faobe amin'ny fotoam-pitaizana manaraka. Roa volana aloha ny fifanaraham-piaraha-miasa amin'izao, fa hitohy roa taona izany aoriana. Zava-dehibe ny fampiofanana mpampiofana raha ny nambaran'ny Talem-paritry ny Bianco eto Antananarivo satria fampitana ny soatoavina amin'ny tanora io, ary fampiharana soatoavina mandeha amin'ny fahamarinana. Noho ny fahavononan'ny Sampati Fjkm dia vita ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny roa tonta.

***Radafy***



*Ireo mpiofana momba ny ady amin'ny kolikoly tetsy amin'ny foiben'ny FJKM Analakely.*

Làlana Ambilobe- Vohemara

# Ny 16 aogositra 2018 no efa napetraky ny filoha Hery R. ny fanamboarana azy



*Toy izao no efa fanamboarana nataon'ny Filoha Rajaonarimampianina tamin'ny taon-dasa.*


Tena mpijapy ny nataon'ny teo aloha ny filoha Rajoelina. Tamin'ny 16 aogositra 2018 no natomboka tamin' ny fomba ofisialy ny asa fanamboarana ny lalam-pirenena RN 5 A mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar. Ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina izany no nanokatra izany lalana mirefy 150 km izany, efa vita fifanarahana fa ny EXIM banque no hamatsy ny vola mitentina 155 tapitrisa dolara amerikana ary ny orinasa China Road and Bridge no tompon'antoka amin'ny fanitana azy. Ny volana jona 2018 no saika hatomboka ity asa ity fa ny volana aogositra vao niainga, nandà tsy hamatsy vola ny asa mantsy ny Union européenne ka ny Sinoa avy eo no nanaiky. 24 volana no fe-potoana hanamboaran'ny orinasa azy. "Bye bye Gôdra" hoy ny teny re tamin'izany, araka ny fantatra dia efa vita "terrassement" ny 30km amin'ilay lalana ary efa voapetraka ny vato fototra tamin'io datin'ny 16 aogositra 2018 io. Ho taratry ny fampihavanam-pirenena ny fahavitan'ity lalana ity hoy ny filoha teo aloha satria faritra roa, Diana sy Sava, no hampifandraisiny. Dia anio ny Filoha Rajoelina any amin'ny faritra iny, hametraka ny vato fototra fanamboaran-dalana indray sa inona koa no ataony any? Mampihomehy mihitsy ilay filoha tsy mikatona loha-malemintsika amin'izao fotoana izao ity. Ilay IEM aloha dia tsy misy resaka, tsy misy tokontaniny ny momba azy.

***Ny Valosoa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 277**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0276)

***Mitsivalana***
- Sakanana
- Ody – AT
- Aina – Fia
- Toro
- Anamamy
- Non(o) – Toby (Miv)
- Maso (Miv) – Ota (Miv)

***Mitsangana***
- Soarano
- Ady – Nos(y)
- Kintana
- Moa (Miv)
- No – Ray
- Fomba
- Nay – Toy (Miv)
- Atao – To

## TENY MIFANARAKA N° 277




**Mitsivalana**

**1.** Tadidinao **2.** Foto-tsakafo – Reraka **3.** Tosika – Mpanoritra (Miv) **4.** Mamarana ny diany – Ambany toerana **5.** Najanony – Metaly **6.** Tsirin-teny – Atono (BR) **7.** Sokajy ; laharana – Tango **8.** Hazo maro – Dahalo **9.** Itafiana **10.** Hazandrano

**Mitsangana**

**A.** Faramandimby **B.** Fitaovan'ny mpanjaitra (Miv) **D.** Antsiben'Andriamanitra – Nandeha **E.** Vola fanomezana – Ao amin'ny vala **F.** Lera – Foto-tenin'ny manolo **G.** Diky (BL) – Fanitarana – Tany kely (Miv) **H.** Miantso – Mari-drefy **I.** Mpanondro – Tsy misy volo **J.** Bengy – Tena **K.** Fanodinana (Miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0276

***Mitsivalana***

1. Sehatra - B.V 2. Ekena - Lay 3. Tavy - Fomba 4. Hao (Miv) - In 5. Katro (Miv) - Alao (Miv) 6. Kary - Kanto (Miv) 7. Avo - Misava 8. Taly 9. Bara 10. Atao - Vaaly

***Mitsangana***

A. Setroka - Sa B. Eka - Rava D. Hevitra - Ba E. Any - (T)ay - Tao F. Ta-(B)ok(y) - Mar(a) G. Fa - Valo (Miv) H. Alahotsy I. Ma (Miv) - Ana - Ha J. Bibilava K. Anaka - Ry

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fanolorana mari-boninahitra ireo mpiasa nahavita be tao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra omaly tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.**















